



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavav - Tanindrazana - Fariandroana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-252

TATITRA NY ASA VITAN'NY:

- MINISITERAN'NY ASA TANANA SY NY HAITAO
- MINISITERAN'NY FAMPINANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA
- MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO
- MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA.

Fivoriana faha-13
Natao ny
Zoma 26 may 2023
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FOTOANA: Zoma 26 Mey 2023, tamin'ny 3 ora sy 45 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Tatitra ny asa vitan'ny:

- Minisiteran'ny Asa tàmàna sy ny Haitao
- Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa
- Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro
- Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena.

Nitohy ny Zoma 26 Mey 2023, tamin'ny 3 ora sy 45 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Solombavambahoaka mba samy hanonona ny anarany sy ny laharany ary ny Distrika nahavoafidy azy mba hahafahan'ny mpiara-miasa mandray ny fanamariham-pahatongavana.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny tenany.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, an-dRamatoa RATSIRAKA Sophie, Ministry ny Asa tàmàna sy ny haitao ny fitenenana; ka toy izao no nambarany taorian'ny fiarahabany ny mpivory:

Mihamahazo vahana ny asa tàmàna ary anisan'ny sehatra manampy ny fampiroboroboana ny toe-karena sy ny fampidiram-bola ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana ity departemanta ity.

Marihana fa maro ny vola vahiny nampidiriny tamin'ny taona 2022 ka hatramin'izao.

Tamin'ireo asa miisa 164 tafiditra amin'ny fanaovana asa tàmàna dia nahavita fampiofanana olona miisa 7 712 ny Minisitera. Marihana fa manerana ny nosy io fampiofanana natao io.

Mikasika ny fanampiana ireo mpanao asa tàmàna amin'ny fitadiavana lalam-barotra kosa, nahavita fampirantiana miisa 146 isika teto an-toerana ary nisy fandefasana mpanao asa tàmàna tany ivelany koa. Tao anatin'izay, ny iray nalefa niofana telo volana tany "Turquie"; nisy nalefa tany "Burkina"-Faso", nisy koa nentina tany "Qatar" ireo mpanao asa tàmàna avy any amin'ny Faritra Amoron'i Mania, Diana ary Analamanga.

Nisy ny "formation de renforcement de capacité" tamin'ny "associations" rehetra misy sy ireo Kaoperativa ary ny «chambre de metier» ka niisa 121 izany.

Tao ny fanomezana karatra miisa 3271 ho an'ireo voasokajy ho mpanao asa tànana matianina eto amin'ny firenena.

Raha ny fanisana ny mpanao asa tànana eto Madagasikara, miisa roa tapitrisa (2 000 000) mahery no vita hatreto.

Namoaka «site web» koa ny Minisitera mba hahitana ny vaovao rehetra mikasika azy. Ny tolotra sy ny filazana rehefa misy fampiratiana na “salon” na ny foara na ny “exposition” ary indrindra ny fampiofanana natao sy izay mbola hatao. Notanterahana izany mba hahitana ny lalàna mifehy ny fanaovana asa tànana eto amintsika.

Nanorina trano fampiratiana any Mahambo, Faritra Analanjirofo isika mba hahafahan'ny mpanao asa tànana mivelona ara-dalàna.

Hisy ny fanokafana “box” ao amin'ny “Ravinala Airports” ahafahana mampiofana olona miisa enina mba hiasa ao. Izany dia natao mba ho fanamorana ny “exportation des produits artisanaux”.

Mitohy hatrany koa ny fanentanana ny mpanao asa tànana hamboly akora fototra, toy ny “raphia” satria eto Madagasikara no ahitana ny 75% ny filana maneran-tany. Tahaka izay koa ny “bambou” izay itarihana ny mpanao asa tànana ny fambolena azy ary homena fiofanana amin'ny fanamboarana savony amin'izany izy ireo. Marihana, fa Faritra miisa telo ambin'ny folo (13) no nanaovana izany fambolena akora fototra izany, ka ny roa eto Analamanga dia natao “site pilote” ary ny iray kosa any Ilaka Est, Faritra Atsinanana.

Nisy fiaraha-miasa natao niaraka tamin'ireo mpiara-miombon'antoka miisa dimy, ka tao anatin'izay ny “convention” niarahana tamin'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana, tao koa ny “convention” tamin'ny fampiofanana mba ahafahana manodina akora azo anaovana “recyclage”. Nisy ny “convention” natao niaraka tamin'ny orinasa ao Ambatovy mba hahazoana ny ambin'ny vè homena ny mpanao asa tànana misehatra amin'ny vè, toy ny fanaovana angady, antsim-bilona sy ny kojakoja andavan'andro ary ho fampananan'asa ho an'ireo tsy an'asa.

Nanao “convention” iray niarahana tamin'ny orinasa HITA na ny “Huilerie Industrielle de TAmatave” izay orinasa mpamokatra menaka. Ny antony, rehefa tatavanina ny menaka dia ahazoana akora hafa azo ampiasaina amin'ny fanamboarana savony. Olona miisa 2158 no nomena fampiofanana tamin'izany ary ny harona “plastique” rehetra azo avy amin'ny orinasa kosa, horaisina avokoa ho fanamorana ny fanomezana asa ho an'ny mpanao asa tànana momba izany.

Mbola nisy koa laminasa niarahana tamin'ny FID na ny “Fonds d'Intervention pour le Développement”; hanaovana izany koa ny WWF na ny «World Wildlife Fund».

Ny laminasa manaraka dia natao niaraka tamin'ny orinasa SOCOTA na ny “Société Commerciale de Tananarive” izay ahazoana ambin-damba 200 taonina eo ho eo hanampiana ny mpanao asa tànana.

Tao koa ny iarahana amin'ny "Alliance Française" mba ahafahana mampianatra ny fitantanana izay hamoraina ho an'ireo mpanao asa tònana. Tao anatin'izay, nisy ny fampirantiana mampiseho ny fahaiza-manao Malagasy.

Nisy ihany koa ny fiaraha-miasa tamin'ny PNUD (Programme des Nations Unies pour le Développement) momba ny fikaonan-doha natao hamantarana ny filàna sy ny hetahetan'ny mpanao asa tònana mba hahazoana tolotra fanatsarana sy fivoarana amin'ny fiainana andavan'andro. Namoahana boky mikasika ny «politique et strategie nationale pour le développement de l'artisanat» io fikaonan-doha io, ka ny «cabinet» AKO no nanao izany.

Navoaka ny «classification de metier» tamin'ny volana Oktobra 2022 izay namaritana ny karazana sy sokajy momba ny haitao misy eto Madagasikara.

Farany, hisy ny famolavolana lalàna hifehy ny fanaovana asa tònana ho an'ny asa vita tònana sy ny mpanao asa tònana. Mbola miandry ny fandalovan'izany ao amin'ny Filankevitry ny Governemanta sy ny Filankevitry ny Minisitra amin'izao fotoana izao.

Ireo no asa vitan'ny Minisiteran'ny Asa tònana sy ny Haitao, hoy Ramatoa Minisitra raha fintinina amin'ny ankapobeny.

Rehefa izany, nisaotra an-dRamatoa Minisitra, tamin'ny tatitra nataony, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary niangavy ny Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa mba hitondra ny tatitra momba ny departemanta iadidiany.

Toy izao no nambaran-dRamatoa ASSOUMACOU Elia Béatrice, Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa rehefa nomena fitenenana ny tenany:

Tatitra fohy momba ny zava-bita tamin'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa no hatao manoloana ny Solombavambahoaka androany ary hotsinjaraina telo izany. Voalohany, mikasika ny fampianarana ambony, faharoa, ny resaka fikarohana ary fahatelo momba ny fotodrafitrasa na ny asa fanorenana natao teo anivon'ny Minisitera.

Mikasika ny fanavaozana ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa, nandalo teto anivon'ny Antenimierampirenena ny lalàna mifehy ny rafi-pampianarana sy ny fanabeazana na ny "Loi d'orientation générale du système éducatif à Madagascar" izay navoaka hanan-kery tamin'ny volana Janoary 2023 lasa teo.

Ankoatra io lalàna io, nolaniana sy vitan'ny Minisitera soa aman-tsara ny nanavao ny "Loi sur le statut des Enseignants Chercheurs et Chercheurs Enseignants" izay iarahana mahalala fa betsaka ny zavatra efa nilaozan'ny toetr'andro sy tsy mifanaraka intsony amin'ny lalàna velona ary ny zava-misy eto amin'ny firenena. Nohavaozina araka izany ny lalàna mifehy ny mpampianatra eny amin'ny Ambaratonga Ambony. Ao anatin'izay, faritana ny andraikitra miandry azy ireo amin'ny fikarohana ataony sy ny asa fampianarana andrasana aminy. Hita ao koa ny fomba nandrafetana ny fandraisana ny mpampianatra mpikaroka sy ireo tombontsoa na ny "droit" efa nositrahany hatramin'izay.

Nandalo teto amin'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona koa ny Tolodalàna mikasika ny "Autonomie des Universités et des Etablissements Publiques de l'Enseignement Supérieur" ka tsy ny fahaleovantenany ihany no resahina tao, fa ny adidy sy ny andraikitra momba ny mpampianatra. Marihana fa efa eny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izany ankehitriny, ka miandry ny fivoarany isika.

Nisy ny fanavaozana sy fanovàna natao ho fanatsarana ny "organisation et fonctionnement des Universités et les Etablissements Publics de l'Enseignement Supérieur" izay miankina amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Ara-tsiansa.

Ny zava-dehibe nasongadina tao anatin'izay dia ny fananganana ny "cellule anti-corruption" sy ny fanafoanana ireo "organisme rattaché" heverina fa mifanitsaka "directions". Nisy tranga niteraka fandanim-bola fotsiny, tao koa ny fifanitsahana andraikitra. Noho izany, nohatsaraina ny "organigramme"-n'ny Minisitera. Natsangana ihany koa ny "cellule anti-corruption" ahafahana manatratra ny tanjona ankapobeny mikasika ny ady atao amin'ny kolikoly. Fantatsika fa ny oniversite sy ireo ivon-toeram-pikarohana sy fampianarana no tokony ho voalohany mivoy an'izany ady amin'ny kolikoly izany.

Manarak'izay, ny fampitomboana sy fanatsarana ireo antontan-taratasy, ny "texte", ny "arrêté", ny "decret" ary ny momba ny fanomanana ny fanadinana "Baccalauréat" ary ny fiarovana ny fanadinam-panjakana.

Mikasika ny "digitalisation" na ny "transformation numérique" amin'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa kosa, raha sokajiana amin'ny "administration" dia 40% no tahan'ny fahavitan'izany.

Momba ny "population universitaire", izany hoe ny mpampianatra sy ny mpikaroka ary ny mpandraharaha sy ny mpianatra, eo amin'ny 25% no tahan'ny fahavitan'izany.

Eo amin'ny lafiny fikirakirana ny vatsim-pianarana indray, 55% no taham-pavitan'ny "digitalisation" tamin'izany.

Zava-dehibe nataon'ny Minisitera koa ny fampiroboroana ny lafiny "transformation numérique de l'enseignement" na ny fanatsarana amin'ny resaka fampianarana ampitain-davitra izay fantatra amin'ny alàlan'ny CNTEMAD, saingy nanomboka tamin'iny taona 2022 iny, navadika ho "Université Virtuelle de Madagascar" io ivon-toeram-pampianarana io satria raha niaina ny "covid-19" isika dia samy nahita ny filàna teo amin'izany fampianarana ampitain-davitra noho ny tsy fetezan'ny fivoriana amin'ny efitrano iray satria mihoatra ny 10 000 mihitsy ny mpianatra amin'ny oniversite sasany. Noho izany, tsy maintsy miditra amin'ny "système d'enseignement hybride" isika. Izay no zava-tsoa sy zava-dehibe tsapa nandritra iny "covid-19". Marihana fa tsy ny fampianarana rehetra no ho lasa "numérique", fa rehefa misy ilàna azy dia ny ampahany mijanona amin'ny fampianarana mahazatra ankapobeny ao anaty efitrano ihany.

Momba ny vatsim-pianarana, araka ny voalaza teo, niarahana nahita fa betsaka ny fifanolanana satria rehefa misy ny "réforme" dia tsy maintsy misy ny fahasarotana

amin'izany sy ny fanekena an'izay fanavaozana izay. Nahitana tombony teo tamin'ny fampidiram-bola tao amin'ny kitapom-bolam-panjakana izany satria tao anatin'ny fanaovana "digitalisation" dia nihena ny fandania sasany, toy ny fandoavana vola ho an'ireo mpisandoka ho mpianatra na ireo mpianatra, fa tsy tonga mianatra akory. Naraha-maso izy ireo ka nazahoana fihenana teo amin'ny 12% ny fandania tamin'izany. Araka ny fantatra, misy ny dingana arahina ary miroso tsikelikely amin'ny tanjona hotratrarina mba hahatongavana amin'izay "digitalisation complète" izay.

Eo amin'ny lafiny "bourse extérieur" kosa, nandefa mpianatra Malagasy maro tany ivelany isika. Raha hitany vitsivitsy isika, ohatra tany "Maroc", mpianatra miisa 238 no nalefa; tany "Russie", miisa 102; tany "Chine", miisa 49, tany "Indonesie", miisa 56, "Algérie" miisa 19; "Egypte", miisa 13, "Suisse", iray, "Cuba" miisa 3; "Canada", miisa 12. Raha atambatra, miisa 493 ny mpianatra mandrato fianarana any ivelany amin'izao fotoana izao.

Nampodiana koa ireo mpianatra nahavita fianarana sy nahazo mari-pahaizana tamin'iny taona 2022 iny, miisa 30 izy ireo.

Mikasika ny "ressources humaines" na ny fampiroboroboana ny mahaolona, nanao fampidirana mpiasa raikitra ny Minisitera tamin'ireo olona ECD na "Employés de Courte Durée" taloha izay navadika ho ELD na "Employés de Longue Durée". Olona miisa 3 944 no nanaovana "basculement" tamin'iny taona 2022 iny.

Nandray mpiasa mpandraharaha miisa 25 ny Minisitera, mpampianatra mpikaroka miisa 150 ary ny mpikaroka mpampianatra miisa 25. Marihana fa 3 na 4 taona teo aloha no nitsahatra tsy nisy intsony io fandraisana mpampianatra sy mpikaroka mpampianatra ary mpandraharaha io. Teo anatrehan'izay, nanao ezaka ny fitondram-panjakana nandray tsikelikely azy ireo mba hanatevina ny mpampianatra efa nisotro ronono; betsaka ihany koa ny Profesora nodimandry nandritra iny "Covid 19" iny. Izay no antony nandraisana ireo mpampianatra mpikaroka ireo.

Fantatra fa tsy mbola ampy ireo isa voalaza teo ireo saingy manao ezaka hatrany ny fitondram-panjakana sy ny Minisitera mba handray sy hampitombo ny fandraisana mpampianatra sy mpikaroka ary mpandraharaha. Azo lazaina fa mifandray amin'ny fotodrafitrasa ihany mantsy izay zavatra izay.

Momba ny fikarohana ara-tsiansa kosa, nahatontosa voka-pikarohana miisa 72 ny Minisitera nandritra ny taona 2022 ary miisa 39 no efa nahitam-bokatra. Miisa 9 no mbola anaovana fikarohana amin'izao fotoana izao ary miisa 6 no hamoahana "prototype" amin'ny alàlan'ny sehatra samihafa eo anivon'ny toeram-pikaroana miisa 9 miankina amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa.

Ao anatin'izay rehetra izay, hovitaina koa ny "consultation régionale" ary efa nisy fitetezam-paritra nananganana sy nandrafetana ny "politique nationale de la recherche et de l'innovation". Amin'izao fotoana izao, ny paikady no efa voarafitra talohan'ny "politique nationale". Izany no natao dia mba hiainga avy any ifotony ny «politique nationale de la

recherche et de l'innovation", mifameno ny Minisitera sy ny fitondram-panjakana ary miakatra any amin'ny fanjakana foibe izany.

Eo amin'ny lafiny fotodrafitrasa kosa, nandritra ny 2 taona dia nahavita "campus Universitaire" miisa 4 ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa. Marihana fa miandry fitokanana izy ireo amin'izao fotoana izao. Miisa 9 ihany koa ny "campus" eo an-dalam-pahavitana, izay hahazaka mpianatra miisa 1 500 eo ho eo rehefa vita soa aman-tsara. Marihana hatrany, fa natao ny hanatonan'ny Faritra ny mpianatra mba hampihenana ny vesatry ny Ray aman-dReny amin'ny fandaniana misy amin'ny fianarana. Jerena koa ny hampiroboroboana ny filàn'ireo orinasa sy ny filàn'ny Firenena amin'ny lafiny fampandrosoana, indrindra any amin'ny Faritra anaovana ny fotodrafitrasa.

Raha ny fampianarana ambony manakaiky vahoaka no resahana, fantatra fa miisa 80 000 ny mpianatra afaka «bacc» isan-taona kanefa raha ny tolotra misy eny amin'ny Anjerimanontolo no dinihana dia eo amin'ny 30 000 ihany no voaray. Eo anatrehan'izay, voatery manokatra «Université Régionale» isika mba ahafahana mampitombo sy mampitovy ny kalitaon'ny fampianarana ambony eto Madagasikara.

Momba ny trano fonenan'ny mpianatra kosa, miisa 3 no nanaovana fanarenana satria may sy simba, ka tsy maintsy nohatsaraina izany. Miisa 9 ireo trano namboarina, efa vita tanteraka izy rehetra ireo amin'izao fotoana izao ary miandry fitokanana.

Namboatra "bloc sanitaire" tany amin'ny Oniversite Maninday ny Minisitera ary efa ampiasain'ny mpianatra izany ankehitriny, misy ihany koa eny Vontovorona izay efa ampiasaina amin'ny isika miteny izao.

Fisaorana no nambaran-dRamatoa Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa, taorian'izay, tamin'ny faharetana nihaino azy tamin'ny tatitra nataony.

Fisaorana koa no nasetrin'Andriamatoa Mpitarika fivoriana izany.

Taorian'izay, nanao satroka Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta, ka nomena fitenenana.

Fangatahana no nataony amin'ny hanomezana "version numérique" ny Solombavambahoaka ny tatitra ataon'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta satria tsapa fa be loatra ny zavatra voalaza ao anatin'ny antontan-taratasy ka mavesatra ny ilanjana azy isaky ny mandeha mivory.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa azo atao ny manatanteraka izany, ka hanao fangatahana an-tsoratra any amin'ny Governemanta ny Antenimierampirenena mba hahamora ny fampitana sy fanaparitahana ny tatitry ny asa vitan'izy ireo no sady hahamora ihany koa ny tatitra hataon'ny Solombavambahoaka any amin'ny vahoaka nifidy azy ireo.

Rehefa izany, nomena an'Andriamatoa Minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro, mba hanao ny tatitry ny asa vitany.

Toy izao no nambaran'Andriamatoa RANJATOELINA Roland, Minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro rehefa nomena fitenenana:

Faly mampahafantatra ny asa vitany eto anatrehan'ny Antenimierampirenena ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro. Izany dia momba ireo asa natao nandritra ity taona ity. Marihana fa ny zavatra hoesahana dia ireo nitranga talohan'ny nanendrena ny tenako tamin'ny volana Febroary 2023 sy ny ankehitriny.

Teboka miisa 5 no hoesahana ary mifanaraka amin'ny velirano faha-11 nataon'Andriamatoa Filohampirenena Andry Nirina RAJOELINA izany.

Voalohany, ny tiana hasongadina dia i Madagasikara ho lasa maoderina raha ny sehatry ny fitaterana an'habakabaka no asiana teny. Ohatra, ny seranam-piaramanidina ao Sainte-Marie dia nasiana fanamboarana ny fefy sy ny fanilo mandeha amin'ny herin'aratra izay ilaina amin'ny alina satria ho lasa seranam-piaramanidina iraisam-pirenena io seranam-piaramanidina io. Izany hoe, afaka mandray sidina avy any ivelany. Efa mahatratra 90% ny asa vita amin'izao fotoana izao.

Tsy natao ambanin-javatra ihany koa ny any Toliara satria lasa seranam-piaramanidina iraisam-pirenena any an-toerana. Mahatratra 90% koa ny famitana ny fotodrafitrasa ary tsy ho ela dia hahazo ny taratasy ahafahana milaza fa seranam-piaramanidina iraisam-pirenena izy.

Manarak'izay, anisan'ny fanamby napetrak'Andriamatoa Filohampirenena koa ny famerenana sy fanatsarana ny fitantanana ny orinasa "Madagascar Airlines" izay efa nahitana tomponandraikitra vaovao avy any ivelany. Marihana fa efa andraikitra maro manerana izao tontolo izao no notazoniny.

Nanomboka tamin'ny 17 Aprily 2023 no nahazo fahazoan-dàlana fitaterana an'habakabaka nasionaly ny orinasa "Madagascar Airlines" ary efa nisy paikady napetraka niarahana tamin'ny mpiara-miombon'antoka mba ahafahana manafatra fiaramanidina sy hamerina io orinasa io hahaleotena ao anatin'ny 3 taona.

Nisy fanatsarana noeritreretina hatao sy efa napetraka ao amin'ny seranam-piaramanidina any Toamasina; nisy koa fiaraha-miasa niarahana tamin'ny mpamatsy vola mba ahafahana mampitombo ny velaran'ny "piste". Ny antony, mba hahafahana handray fiaramanidina lehibe kokoa.

Natao ny famerenana ny zotra an'habakabaka miisa 11 mampitohy an'i "La Réunion"-Toamasina, "La Réunion"-Taolagnaro ary Toliara, "La Réunion"-Nosy Be, "Maurice"-Antananarivo, "Italie"-Nosy Be, "Ethiopie"-Antananarivo, "Kenya"-Antananarivo, "Mayotte"-Mahajanga, "Mayotte"-Nosy Be, "Mayotte"-Antsiranana ary "La Réunion"-Sainte-Marie.

Nisy ny fifampiresahana hatao, ka matoky isika fa nahitana fahombiazana tsy ho ela koa ny zotra mampitohy an'i Madagasikara sy "Comores" satria handray ny lalaon'ny Nosy atỳ amin'ny Faritry ny Ranomasim-be Indiana isika. Izany hoe, tokony ho vita alohan'izay ny fanokafana an'io sidina io.

Faharoa, momba ny fitaterana andalam-be: misy ny fananganana ny atao hoe "aire de sécurité et de repos" miisa 6, toy ny ao Ambalamanakana RN7, Mahatsinjo RN4,

Ambatolampy RN7, Andranovelona RN4, Sakay RN1, Miandrivazo RN34, Lambokely sy Andimaka RN8, ao ihany koa ny lalana mankany Bekopaka. Nisy tolo-bidy daholo ireo ary nalefa ka miandry ny fanokafana ny “offre” izay hatomboka ny andiany faharoa.

Misy ny paikady apetraka mikasika ny fiarovana ny loza amin’ny fifamoivoizana. Hatsangana ny komity eo anivon’ny primatiora ary iarahana amin’ny mpiara-miombon’antoka izany satria hisy famatsiam-bola aorian’izay mba hahafahana hametraka an’io paikady io hiarovana ny ain’ny mpiray tanindrazana. Izany hoe, hahatonga ny tahan’ny loza hihena kokoa satria mahafaty olona betsaka ny lalana raha ny nambaran’ny Banky Iraisam-pirenena sy ny “Organisation Mondiale de la Santé” na ny OMS, mety ho 20 isa isan’andro ny olona iharan’izany.

Hisy koa fifanarahana hatao iarahana amin’ny Minisiteran’ny Asa Vaventy hamerenana ny “station de péage” amin’ny fidirana an-tanàn-dehibe rehetra mba hiarovana ny lalana. Ny antony, manimba ny lalana ny vesatry ny entana entin’ny fiarabe. Izany hoe, hisy fitantanana mangarahara amin’ny famerenana izany.

Fahatelo, ny fitaterana an-dalamby, mahafaly ny mitodika manokana amin’ny Solombavambahoakan’Ikongo satria niverina ny zotra an-dalamby na ny FCE mampitohy an’i Fianarantsoa sy Ikongo ary Manampatrana. Naverina izany satria nijaly loatra iny toerana iny, kanefa mamokatra. Raha ny marina, nesorina mba tsy hitoka-monina satria araka ny voalaza hoe: tsy tokony hisy Distrika hadino intsony. Jerena manokana miaraka amin’ny PAM na ny “Programme Alimentaire Mondial” izay toe-javatra izay satria hisy koa fanamboaran-dalana sy famatsiana sakafo hatao amin’ny toerana iny. Marihana fa ny gara amin’ny toerana lalovan’ny lalamby dia hahazo herin’aratra sy “internet”. Ezahana ny hanaovana izany alohan’io faran’ny volana ambony io na alohan’ny faha-26 Jona izao. Hatao koa izay hahatongavan’ny lalamby hatrany Manakara satria efa ela no tsy nandehanan’izany kanefa tiana mba hahaleotena io orinasam-panjakana io. Eo anatrehan’izay, manao antso avo amin’ny mpiara-miombon’antoka rehetra mampiasa an’ny lalamby iny mba hitsinjo sy hiaro azy tahaka ny anakandriamaso satria fananam-pirenena izy io.

Amin’ny resaka fitaterana an-dalamby izay ihany, hosokafana ho an’ny vahoaka koa ny zotra mampitohy an’i Moramanga sy Toamasina. Ezahana hatao amin’ny voalohan’ny volana Jona io izany. Azo lazaina fa ho faly ny mponina satria hiala amin’ny fitokana-monina koa noho ny fahavitan’ny lalamby.

Hisy koa ny fanarenana sy fanorenana tetezan-dalamby eo Sisaony eto Antananarivo. Ny tanjona dia tsy ho tapaka intsony lalamby mampitohy an’Antananarivo sy Antsirabe rehefa hosokafana ny lalana. Marihana fa efa tonga any Ambatolampy ny fanarenana ka hotohizana hatrany Antsirabe izany satria ahitana harena betsaka amin’ny lafiny indostrialy iny Faritra iny.

Fahaefatra, momba ny fitaterana an-dranomasina sy an-dranomamy. Mikasika ny lakan-dranon’i Pangalana mandalo any Nosivarika sy Mananjary, mitohy ny fanadiovana amin’izao fotoana izao ary nohatsaraina koa ny seranan-tsambo any an-toerana, ka tsy ho ela dia hotokanana izany.

Ho an'i Toamasina, mitohy hatrany ny fanatsarana sy fanitarana ny seranan-tsambo ao an-toerana ary miditra amin'ny dingana faharoa amin'izao fotoana izao. Raha ny marina, ny ankabeazan'ny asa dia tokony ho vita amin'ny taona 2026 avokoa.

Ny any Manakara kosa, misy ny fanamboarana ary efa mahatratra 90% no fahavitan'ny asa. Raha ny vinavina, alohan'ny faran'ny volana Jolay izao, tokony ho vita ny seranan-tsambo kely any an-toerana mba hahafahana mandray "beacher" na ireo sambo kely manara-penitra amin'iny Faritra iny.

Misy karazana asa natao toy ny fanavaozana koa any amin'ny seranan-tsambon'i Besalampy. Tahaka izay ihany koa ny fanamboarana ny toeram-piantsonana ao Katsepy izay efa eo an-dalam-pamaranana ny asa. Vinavinaina hatao amin'ny volana ambony ny fanokanana ireo asa vita ireo.

Any Vohémar, nisy ny fanavaozana sy fanatsarana ny fitaovana tao amin'ny seranan-tsambo. Ny antony, niara-nahita ny zava-nitranga tany an'Analanjirifo teo amin'ny lakan-dranomasina mampitohy an'i Sainte Marie sy Soanierana-Ivongo izay nahafatesana olona maro. Nisy ny fanamboarana vaovao amin'ny seranan-tsambo ary efa manomboka ny asa amin'izao fotoana izao.

Momba ny resaka fitaterana an-dranomasina ihany, misy ny sekoly mampiofana tantsambo ao Mahajanga ary nasiana "piscine" mifanaraka amin'ny fiofanana. Izany hoe, namboarana fotodrafitrasa iray any an-toerana.

Efa ela no niandrdrain'ny tantsambo malagasy ny hanaovana «ratification» ny lalàna mikasika ny fitaterana an-dranomasina izay « convention » mikasika ny tantsambo sy ny tompon-tsambo. Faly ny milaza amintsika fa efa nekena sy noraisina teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra izany ary hoentina eto amintsika. Hanova sy hanatsara kokoa ny tontolon'ny asan'ny tantsambo izany lalàna izany rehefa lany soa aman-tsara. Maro ny Malagasy hisitraka ny asa rehefa lany io lalàna io; mety hahatratra any amin'ny 5 000 isa any izy ireo. Raha sanatria tsy voasonia izay fifanarahana izay, hosahirana ny olontsika rehefa mandeha any ivelany ka hiasa amin'ny sambo iraisam-pirenena. Izany hoe, tsy voaaro raha sendra misy loza mahazo azy na fahafatesana izany na aretina. Noho izany, ilaina ny fanaovantsika Sonia an'io fifanarahana io ary araka ny voalaza teo, tokony handalo eto amin'ny Antenimierampirenena izany.

Farany, mikasika ny famantarana ny toetry ny andro. Iaraha-mahafantatra fa i Madagasikara isan-taona dia vokasika amin'ny resaka fiovàn'ny toetr'andro na ny fandalovan'ny rivodoza. Tokony hojerena hoe ahoana ny fampitaovana sy fitaovana ananan'ny foibem-pirenena momba ny famantarana ny toetr'andro an'ireo zavatra ireo. Ny tanjona sy ny fanamby dia ny hanamboarana sy ny hanatsarana bebe kokoa ny fampitaovana an'io foibe io. Marihana fa efa nisy fitaovana azo tamin'ireo mpiara-miombon'antoka tamin'ny alàlan'ny fiaraha-miasa natao tamin'izy ireo. Ireto toerana manaraka ireto no nisitraka izany raha lazaina tsotsotra: fitaovana fitiliana ny toetr'andro maoderina miisa 16; natao tany Ambilobe, Andilamena, Analalava, Ambato Boeni, Ambatomainty, Ampanihy, Beroroha, Fenoarivobe, Ivohibe,

Maroantsetra, Mandritsara, Moramanga, Soalala, Soanierana-Ivongo, Vatomandry ary Vohipeno.

Fitaovana fitiliana ny toetr'andro eny amin'ny seranam-piaramanidina; miisa efatra napetraka tany Antsiranana, Nosy Be, Sainte-Marie ary Toliary.

Tiana ny manamarika fa anisan'ny tanjona hotratrarin'ny Departemantan'ny famatarana ny toetr'andro ny fananana Injeniera mba hanerana ny nosy amin'izay voasarona daholo ny Faritra 23 eto amintsika. Ezaka lehibe no hatao ary rehefa tonga ny fotoana dia hangataka ny hoenti-manana eto anivon'ny Antenimierampirenena izahay mba hahafahana miaro loza. Ny antony, rehefa voafehy ny famantarana ny toetr'andro, avy amin'izay koa no ahafahana manana "calendrier" na tetiandrom-pamokarana eto Madagasikara. Amin'izay fotoana izay, fantatra hoe aiza no Faritra mety ho voakasiky ny avandra sy ny sisa. Ny zavatra nitranga omaly dia efa napetraka, efa fantatra hoe nisy "rapport" sy "prévision" nalefan'ny "Direction de la Météorologie" momba izany. Ny dikan'izay, ny fahaiza-manao dia ananantsika eto Madagasikara, fa ny fitaovana sy ny fampitaovana no lesoka.

Amaranana azy, misy ny "projet" maro hatao ka anisan'izany ny hametrahana fitaovana fitiliana varatra miisa roa any amin'ny Faritra Diana sy Matsiatra Ambony.

Fisaorana ny rehetra tamin'ny fihainoana azy tamin'ny tatitra nataony no namaranan'Andriamatoa Minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro ny teniny ary nambarany koa fa vonona ny hamaly ny fanontaniana raha misy izany.

Nisaotra azy koa Andriamatoa Mpitarika fivoriana, tamin'ny tatitry ny asa vita teo ary nanambara fa araka ny fitsipika napetraka tany aloha, mihaino ny tatitra natao aloha ny Solombavambahoaka rehetra, fa rehefa tonga ny fifanatrehana ataon'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka vao mametraka fanontaniana sy manao fanamarihana sady miandry ny valin'izany.

Nanao satroka Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique, taorian'izay, ka nomena fitenenana.

Nambarany fa ilain'ny Solombavambahoaka ny "document" momba ny tatitra teo satria betsaka ny zavatra tsy voalaza raha izay no asiana teny. Efa nahazo taona ihany ny tenany ka tsy mahatadidy loatra, ka aleo mba zavatra feno no omena ny Solombavambahoaka.

Namaly, Andriamatoa RANJATOELINA Roland, Minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro, fa voaray soa aman-tsara ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka teo.

Nanao satroka koa Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta ary nomena fitenenana ka fanamafisana ny voalaza teo aloha hoe mila "version électronique" ny Solombavambahoaka ary tsy hatao tara ny fahazoana izany satria tena ilaina ny antontan-kevitra mikasika ny tatitra tahaka izao.

Momba ny fivoriana kosa, misy fanamarihana kely atao: somary vitsivitsy ny Solombavambahoaka no mivory; raha jerena ny pejiny ny serasera ato amin'ny Antenimierampirenena, mba tonga mavitrika ihany ny tenanay, kanefa lazain'ny olona fa tsy

miakatra mihitsy. Eo anatrehan'izay, tokony hojeren'ny tomponandraikitra satria tsy hita any anaty sary izahay rehefa mivory.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa voaray ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka teo.

Nambarany koa fa ampitaina any amin'ny Governemanta sy ny teknisiana ny hafatra miainga amin'ireo tatitra sy «documents» ireo mba hitondrana ny fanontaniana hapetraka rehefa tonga ny «face à face» sady mbola ireo koa no hanaovana tatitra any anivon'ny fiarahamonina sy ny vahoaka.

Fisaoarana an'Andriamatoa Minisitry no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay ary nanome fitenenana ny Solombavambahoaka nanao satroka.

Toy izao no nambaran'Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain tamin'ny satroka nataony :

Amafisina ny voalazan'ny namana teo raha ny tatitra no jerena. Izay no antony mampavitrika anay manatrika fivoriana, mba te-hipaino tsara ny zava-bitanareo. Rehefa nozaraina ny «document» dia hamaky azy izahay, kanefa tsy tokony hatao lavabe loatra raha hizara antontan-kevitra aminay ihany ny Minisitry.

Momba ny lalamby indray, isaorana Andriamatoa Minisitry tamin'ny fandavan-tena ananany.

Firy isan-jato sisa ny volan'ny fanjakana amin'io fitaterana io satria mahamenatra ny zavamisy amin'ireny gara lehibe eto an-drenivohitra sy any amin'ny Faritany ireny; lasa «restaurant» izy ireny ka aiza indray no lalamby hosokafana. Ny vahoaka no tokony hisitraka ny fitaterana mivantana kanefa mifanohitra amin'izany no zava-misy. Miezaka mitondra fanatsarana ny fanjakana kanefa tsy mipaka any amin'ny vahoaka Malagasy izany. Firy isanjanto no sisa tavela ny volam-panjakana miasa ao. Tiana ho fantatra ny mikasika an'izay raha azo atao.

Taorian'izay, mbola nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomena fitenenana.

Toy izao no nambaran'Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta raha nandray fitenenana:

Ankoatra ny fanamarihana natao teo aloha, raha mijery ny tatitra vitan-dRamatoa Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, voalaza ato daholo ny Distrika rehetra hanaovana sy nanaovana ny asa. Eo anatrehan'izay, mangataka raha atao tahaka izay koa ny an'ny Minisitry tsirairay satria mety hisy ny asa tokony handeha any amin'ny toerana maro samihafa izay harahan'ny Solombavambahoaka maso ny fanatanterahana azy.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary niangavy ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena hanao ny tatitry ny asa vitan'ny Departemanta sahaniny.

Fisaorana tamin'ny nanomezana fitenenana azy no nataon-dRamatoa SAHONDRARIMALALA Marie Michelle, Minisitry ny Fanabezam-pirenena sady nodimbiasany fiarahabana ny rehetra.

Nambarany fa araka ny voalaza tany aloha, efa nisy antontan-kevitra nozaraina tamin'ny Solombavambahoaka izay mirakitra ny tatitra amin'ny ankapobeny sy ny asa vita.

Misy ihany koa tatitra isaky ny Faritra sy ny Distrika manerana ny Nosy ary hisy koa antontan-kevitra iray hahitana ny tatitra isaky ny Distrika rehefa tonga ny fihaonana amin'ny Solombavambahoaka. Ny anton'ity farany dia mba ahafahana mandrefy ny asa vitan'Andriamatoa Filohampirenena amin'ny tontolon'ny fanabeazana izay tanterahin'ny Minisiteran'ny Fanabezam-pirenena.

Niasa tokoa, Andriamatoa Filohampirenena, ka izahay olom-boatendry no nanatanteraka izany asa ao amin'ny tontolon'ny fanabeazana izany.

Nanomboka tamin'ny taona 2019 ka hatramin'ny taona 2022, mitohy hatrany ny asa ary miara-mahita isika, misy ny asa vita amin'ny fanorenana sekoly manara-penitra manerana an'i Madagasikara.

Raha ny antontan'isa ankapobeny, momba ny sekoly manara-penitra vita, ny efitranon-tsekoly na ny "salle des classes" dia miisa 3062 izany. Miisa 853 ny "bâtiment" natsangana sy eo an-dalam-pahavitana.

Raha atao hoe 50 isaky ny kilasy ny ankizy miditra ao anaty efitranom-pianarana iray, eo amin'ny 200 000 eo ny ankizy afaka misitraka an'izany sekoly manara-penitra izany.

Mitohy ary maro ny asa mbola hotanterahana ary efa afaka misitraka an'izany ny ankizy amin'ity taona ity, ka ny ankabetsahany dia efa ampiasaina amin'izao fotoana izao.

Fanampin'izay, misy tetikasa natao ho fanamaivanana ny vesatry ny Ray aman-dReny. Misy ny atao hoe "kit scolaire", toy ny kitapo, kiraro ary "tablier" nozaraina tamin'ny mpianatra. Maro ny mpianatra no efa nisitraka an'izany, miisa 1 682 000 eo ny isan'ny "kit scolaire" nozaraina. Ao anatin'izany, misy koa ny "cahier, stylo, crayon, crayon de couleur", efa ho 2 tapitrisa mahery no nozaraina tamin'ny mpianatra.

Tsapa koa tamin'ny tombana nataon'ny Minisiteran'ny Fanabezam-pirenena, fa mbola tsy ampy ny "tables bancs". Miisa eo amin'ny 1 200 000 no hozaraina manerana an'i Madagasikara vao tafapetraka ambony latabatra avokoa ny ankizy mpianatra Malagasy.

Vokatry ny fahatarana tamin'ny fampanandrosoana ny asa fanabeazana nandritra ny taona maro nifandimby no nahatonga izany.

Isaorana, Andriamatoa Filohampirenena, nametraka paikady mba hialana amin'izay fahatarana misy izay. Tao anatin'ny 3 taona dia teo ami'ny 42 679 ny dabilio nozaraina ary naporitaka manerana an'i Madagasikara izany ary mbola mitohy izany tetikasa izany amin'ity taona 2023 ity.

Nisy fizarana bisikileta ho an'ireo mpampianatra mendrika sy ny mpianatra sangany tamin'ny fanadinam-panjakana isan-tsokaniny, toy ny afaka CEPE, BEPC ary ny "Baccalauréat". Natao

izany na tany amin'ny sekolim-panjakana na na tany amin'ny sekoly tsy miankina amin'ny fanjakana.

Samy nahazo ny anjarany daholo ny Distrika rehetra. Tsy nisy diso anjara fa samy nahazo daholo. Novinavinaina ho bisikileta miisa 9 isaky ny ZAP no hozaraina ary isaky ny Kaominina, hisitraka bisikileta avokoa ho an'ireo mpianatra sy mpampianatra mendrika tamin'ny fianarana sy ny zava-bitany.

Natao ny fampiofanana mpampianatra satria anisan'ny manatsara ny kalitaon'ny fanabeazana izany.

Tsapa fa ny 70%-n'ny mpampianatra amin'izao fotoana izao dia ny FRAM no miantoka azy. Ao anatin'izay, ny ankabeazan'izy ireo dia mila fampiofanana daholo. Niroso tamin'izany ny Departemanta sahaninay satria tetibola avy amin'ny Minisitera ihany no ampiasaina anaovana io fampiofanana io.

Raha ny antontan'isa ankapobeny no jerena, miisa eo amin'ny 35 000 eo ny mpampianatra nomena fampiofanana. Ny antony, mba ho fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana.

Raha ny fandalovan'ny valan'aretina "Covid-19" teto amintsika koa no asiana teny, nipetraka tany an-trano ny mpianatra ka tsy afaka namonjy sekoly. Noho izany, nandray fanapahan-kevitra ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena nanonta sy nizara "cahier de soutien scolaire" miisa 5 tapitrisa latsaka teo ary efa naporitaka manerana ny nosy izany.

Momba ny tetikasa fandraisana mpampianatra ho mpiasam-panjakana kosa, anisan'ny nankasitrahanao Solombavambahoaka izany. Tao anatin'ny 3 na 4 taona izay, miisa 31 500 ny "maître FRAM" no noraisina ho mpiasam-panjakana. Marihana fa samy nahazo ny anjarany avokoa ny Distrika tsirairay avy.

Anisan'ny zava-dehibe koa amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana dia ny fametrahana ny "professionnalisation" mba hahamatiana ny mpampianatra. Tao anatin'izay, nandray mpampianatra nivoaka tany amin'ny "centre de formation" CRINFP na ny "Centre Régional de l'Institut National de Formation Pédagogique" miisa 3 500 eo ny Minisitera ary nivoaka tany amin'ny ENS (Ecole Normale Supérieure), miisa eo amin'ny 3 100 eo.

Marihana fa tsy misy "sortant"-n'ny ENS intsony raha ny MAPEN (Master d'Aptitude Pédagogique de l'Ecole Normale) sy CAPEN (Certificat d'Aptitude Pédagogique de l'Ecole Normale) satria tsy miasa intsony izany amin'izao fotoana izao. Efa nampidirina ho mpiasam-panjakana avokoa ny mpampianatra tao amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena. Ireo manana "licence" koa, efa noraisina fa napetraka any amin'ny taranja misy fahabangana, toy ny frantsay, ny malagasy ary ny fanatanjahan-tena.

Ny tanjona amin'izany dia ny « professionnalisation du métier de l'enseignement ».

Misy tetikasa lehibe izay isaorana an'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika dia ny fampisakafoanana ny ankizy any an-tsekoly. Manampy amin'ny fanatsarana ny fahasalaman'izy ireo izany sady hampavitrika azy koa, satria rehefa voky, afaka mianatra tsara ; mifantoka tsara amin'ny fampianarana any an-tsekoly ary mampiakatra ny tahan'ny ankizy miditra any an-tsekoly ihany koa.

Amin'ity tetikasa ity, marihana fa misitraka ny “cantine scolaire” avokoa ny mpianatra rehetra any «primaire» sy «collège» ary “lycée” any amin'ny Faritra Anosy sy Androy mba hoentina iadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo. Amin'izao fotoana izao, eo amin'ny 1 200 000 no isan'ny mpianatra misitraka ny fampisakafoanana an-tsekoly io.

Momba izay asa vita izay ihany, nisy fizarana “manuelle scolaire” na boky fianarana, tao ny “dictionnaire” na rakibolana izay natao “bilingue” amin'ny teny frantsay sy malagasy izany; ny “trilingue” amin'ny teny frantsay sy malagasy ary anglisy ; ny “cahier de soutien”, ny “livre d'auto apprentissage». Raha atambatra ny isan'ny boky rehetra nozaraina nandritra ny 3 taona, teo 12 674 000 teo ary naporitaka manerana ny nosy izany.

Mikasika ny fandaniana tetibola natokana ho an'ny «vacation, subvention, caisse école, cantine scolaire et caisse de soutien», tena vola be amina miliara no alefa ho an'ny sekoly sy ho an'ny mpampianatra izay angatahana ny fahasarotam-piarontsika amin'ny fitantanana azy. Izany hoe, fitantanana mipaka any ifotony no anaovana azy.

Momba ny “vacation”, tamin'ny taona 2019-2022, hita fa manakaiky ny 100% ny “taux d'engagement”, manakaiky ny 100% ny “taux de mandatement” na teo anivon'ny Minisitara foibe izany na teo anivon'ny Talem-paritry ny fanabeazam-pirenena na teo anivon'ny fari-piadihim-pampianarana ihany koa. Miankina amin'ny fomba fikirakiran'ny tomponandraikitra isan'ambaratonga izany satria misy “règle d'exécution budgétaire” ny «engagement» sy ny «mandatement». Indraindray, izay no mahatonga ny fahatarana taloha satria misy diso any anatin'ny taratasy alefa any amin'ny “trésor” sy any amin'ny “contrôle financier”.

Tsapa fa niezaka avokoa ny mpiasa tamin'ny firosoana tamin'izay fandaniana volampanjakana izay hatramin'izao.

Momba ny “subvention”, raisin'ny mpampianatra isaky ny roa volana izy io. Isaorana ny Filohan'ny Repoblika nanome an'izany ho an'ny mpampianatra miisa 45 000 eo ho eo. Marihana fa “enseignants non fonctionnaire” izy ireo sy “maître FRAM” manerana ny nosy. Hisitraka “carte e-poketra” miaraka amin'ny Paositra Malagasy ireo mpampianatra ireo ary ezahana mba ho latsaky ny 2 volana no hidiran'ny “subvention” ao amin'ny “carte” amin'izay tsy mandeha tongotra 50 kilometatra intsony.

Mikasika ny “caisse école”, betsaka ny vola alefa isan-taona any amin'ny sekoly EPP, “college”. Mitentina any amin'ny 65 miliara any izany ary misy sekoly iray misitraka 3 na 4 tapitra ariary na mihoatra an'izay aza. Mahavita “table banc” izany, mahavidy tafo, mahavita zavatra maro raha izay no ilazana azy.

Tany atsimo ohatra, misy atao hoe “Lycée Tsiebo Calvin”, 3 taona lasa izay, 8 tapitrisa ariary ny “caisse de soutien” an'izany “lycée” izany, kanefa ankehitriny lasa misitraka 18 tapitrisa ariary izy. Very fotsiny ny vola raha tsy mivaingana eny anivon'ny sekoly ny asa. Manaramaso an'izay ny Minisitara ary ny “association FFI” sy ny sekoly hafa dia azo anaovana fitsirihana avokoa, ka ny “Cour des Comptes”, ny “contrôle financier” no manao izany.

Hita amin'ireo sary ireo ny fitsinjarana ny sekoly manara-penitra isaky ny Faritra sy ny Distrika.

Amin'ny ankapobeny, saika misitraka sekoly manara-penitra avokoa ny Faritra ary tsy misy distrika hadino intsony. Azo lazaina fa tsara ny vina fampandrosoana ataon'ny Filohan'ny Repoblika raha izao no dinihana ary ilaina ny fitohizan'ny asa atao.

Amin'izao sary manaraka izao koa no ahitana ny fampiofanana mpampianatra. Saika nisitraka an'izany daholo ny mpampianatra isaky ny Faritra. Fampiofanana mpampianatra tamin'ny taranja fototra kajy sy frantsay ary vakiteny no natao satria tena ilaina amin'ny traikefa na "competence" ho azy ireo izany.

Hita amin'ny sary manaraka eto koa "recrutement"; nisitraka an'izany ny Faritra sy ny Distrika rehetra. Marihana fa nizara "contrat" tamin'ireo "9^{ème} vague", ny Minisitera tamin'ity taona ity.

Ny isan'ny mpampianatra noraisina tamin'ny "9^è vague" dia mitovy na mihoatra tamin'ny noraisina tamin'ny "7^{ème} et 8^{ème} vague". Izany hoe, ny "vague" iray dia natao mihoatra ny "vague" miisa roa.

Hojerena ny fahefana manatanteraka ny fandraisana ho mpiasam-panjakana amin'ny manaraka, fa manentana antsika mba hiady mafy ho an'ny tetibolan'ny fanabeazam-pirenena. Mangataka ny hampiakarana ny "poste budgétaire"-n'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena any amin'ny "loi de finances" izahay satria anisan'ny laharam-pahamehana ny fanabeazana ny ankizy Malagasy.

Momba ny «cantine scolaire», nanao ezaka manokana tany amin'ny Faritra Androy sy Anosy ny Minisitera. Miisa 1 500 ny sekoly misitraka izany. Misy ampahany avy amin'ny mpiaramiombon'antoka, toy ny PAM na ny "Programme Alimentaire Mondial" izay nanome «cantine scolaire» mifameno amin'ny an'ny fitondram-panjakana.

Mikasika ny «vacation» no sary manaraka; tsapa fa miroso amin'ny fanatsarana sy fikirakirana ny antonta-taratasy amin'ny «engagement et mandatement» ny eny anivon'ny CISCO sy ny DREN. Ny DREN no tena mikirakira izany miara-miasa amin'ny «perception principale municipale» sy ny «contrôle financier» any an-toerana.

Tany Alaotra Mangoro ohatra, 100% ny «taux d'engagement de vacation» tamin'ny taona lasa teo.

Momba ny «subvention», miasa tokoa ny ankabeazan'ny Talem-paritry ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena. Araka ny voalaza teo, efa manakaiky ny 100% avokoa ny «taux d'engagement et mandatement» ary miandry «paiement» sisa raha ity taona ity no asiana teny.

Amin'ny ankapobeny, nisy ny fanatsarana ny fomba fiasa ary nahazoana vokatra izany. Azo tsapain-tànana ny vina fampandrosoana sy ny velirano faha-4 nataon'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika araka ny baiko nomena anay.

Raha ny marina, misokatra tanteraka ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena amin'ny fiaraha-miasa sy ny fampandrosoana ny fanabeazana ny zanaky ny Malagasy.

Fisaorana sy fankasitrahana ny rehetra naharitra nihaino azy tamin'ny nanaovany ny tatitry ny asa vitan'ny Minisitery iadidiany no namaranan-dRamatoa Minisitry ny Fanabeazam-pirenena ny teniny.

Taorian'izay, fisaorana koa no navalin'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, an-dRamatoa Minisitry tamin'ny nahatontosany ny tatitra.

Rehefa izany, nisy Solombavambahoaka nanao satroka, ka nomena fitenenana.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Johnson Anathol, fampahatsiahivana an-dRamatoa Minisitry ny isan'ny Solombavambahoaka tonga manatrika fivoriana no nataony, ka tokony hojerena manokana izy ireo.

Fankasitrahana an-dRamatoa Minisitry tamin'ny asa vitany no nataon'Andriamatoa RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène tamin'ny satroka nataony.

Fangatahana fihaonana manokana amin-dRamatoa Minisitry momba ny Distrika nahavoafidy azy kosa no nanaovan'Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique satroka.

Nomarihany koa fa ilaina ny fampiakarana ny tetibola ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena satria ny ankizy no antoky ny ho avy. Izany hoe, tokony hojerena manokana ny larin'ny fanabeazana eto Madagasikara.

Tamin'ny satroka nataony no nanamafisan-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique fisaorana an-dRamatoa Minisitry tamin'ny tatitra nataony sady nanamarika koa ny tenany, fa anisan'ny nanisy dian-tànana tamin'ny fampianarana ambony, indrindra tany Andrainjato Fianarantsoa ka mendrika ny homena tehaka izany.

Nangataka ny hamenoana ny antontan-kevitra teny aminy koa ny tenany raha azo atao satria tsy ampy izany.

Hafatra avy amin'ny Ray aman-dRenin'ny mpianatra nahazo ny isa tsara indrindra tany aminy kosa no nanaovan-dRamatoa BAOFENO Micheline satroka. Fanontaniana no napetrany hoe rahoviana no hizarana ny fanomezana momba izay.

Manarak'izay, nomarihany fa sahirana i Nosy Varika vokatry ny fanadalovan'ny rivodoza, maro ny mpianatra novoriana tany Mananjary kanefa tsy raikitra ny zavatra tokony ho natao mikasika ny fanabeazana; nahemotra izany ary tsy fantatra hoe rahoviana. Ny saran-dàlana mandroso sy miverina, lafo loatra, ka voatery mijanona any an-toerana izy ireo. Izany hoe mila fanampiana satria tsy maintsy misakafo ny mpianatra novoriana.

Ahoana ny fakana vola midangana loatra amin'ny fanaovana "montage"-n'ireny bisikileta nozaraina ireny satria tsy 15 000 ariary ny vola aloa isaky ny Ray aman-dReny. Mila jerena izany satria any amin'ny Faritra sasany rehefa nanao fizarana, tsy nahitana zavatra tahaka izany.

Andriamatoa BISMARCK Mong Mann kosa, fisaorana no nataony an-dRamatoa Minisitry tamin'ny namangiany ny mpampianatra tany amin'ny Distrikan'Ihosy sy tamin'ny nandraisana ho mpiasam-panjakana ny mpampianatra tamin'ny "9^{ème} vague".

Nametrahany fanontaniana koa ny daty hanomezana ny loka ho an'ireo mpianatra nahazo "lauréat" tamin'ny fanadinam-panjakana vita teo.

Tamin'ny satroka nataony no nanambaran'Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta ny fankasitrahany an'Andriamatoa Mpitarika fivoriana sy ny Solombavambahoaka manatrika etoana na dia zoma hariva aza ny andro. Nomarihany fa ny hasin'ny Andrimpanjakana tokoa no nojeren'ny olom-boafidy androany.

Ramatoa RICHARD Tsimahalefy Alexandrine kosa namerina nangataka ny EPP manarapenitra ho an'i Betsipolitra tamin-dRamatoa Minisitry. Izay no antony nanaovany satroka satria tsy hita tamin'ireo toerana tokony hahazo izany io Kaominina io.

Taorian'izay, nandray fitenenana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, ka fisaorana ny Solombavambahoaka rehetra, fisaorana an'ireo Minisitry nanao tatitra satria nahazo fampitam-baovao ny olom-boafidy, nahazo antontan-kevitra hodinihana ihany koa hahafahana manao fanamarihana sy hanomanana fanontaniana amin'ny fifanatrehana hataon'ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta sy ny Antenimierampirenena.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka ny tenany, koa ny Talata 30 Mey 2023, maraina, hitohy ny fihainoana ny tatitra hataon'ny Minisitry mpikambana eo anivon'ny Governemanta, ka ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Fampianarana ara-teknika sy ny Fanofanana Arak'asa, ny Minisitry ny Mponina sy ny Fiahiana Ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy, ny Minisitry ny Asa sy ny Fampananan'Asa sy ny Asam-panjakana ary ny lalàna Sosialy no hanao izany.

Fanentanana ny Solombavambahoaka havitrika sy ho tonga maro amin'ny famonjena ireo fivoriambe ireo.

Niato tamin'ny 5 ora sy 20 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona